HIASA HO ANAO AHO

H O A N ' N Y H O A V I N A O

TONGAVA MIFIDY **25**

" **MPANANGANA** FA TSY MPANDRAVA **ISIKA** "

25 TIM Tiako i Madagasikara — Ambenina indray ny lalantsika


Marc RAVALOMANANA

X

# NY VALOSOA VAOVAO


Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 23 oktobra 2018 Laharana 830 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Romana 6: 4** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 78), 21 oktobra 2018

## Serge Zafimahova 2

# Miara-dia amin'i Dada N°25



## Eliana Bezaza, kandidà N° 14 4

# Manana vina miavaka amin'ny tsy fandriampahalemana



## Kandida N°25 2



**Tsy manaiky ny fanemorana ny fifidianana**

## Raniry any Mahajanga 2

**Nofinofy tsy ho tanteraka ny an'i Andry Rajoelina**

## Tranga mampalahelo 6

**Zanaka mpanakanto maty nihantona tamin'ny tamboho**

## ORTANA 2

**Manomana randonnée any Andriamamovoka indray**



**Daka kely**

Tena manao revin-gadra mihitsy ialahy ry Boaikely a !

### FIFIDIANANA FILOHAMPIRENENA

# Serge Zafimahova, miara-dia amin'i Dada N°25

Nitafa tamin'ny mpanao gazety teny amin'ny trano fonenany, teny Faravohitra omaly maraina ny kandidà N°25 Marc Ravalomanana, mialohan'ny fampielezan-kevitra nataony tany Manjakandriana, Anosibe An'Ala, Marolambo, Vatomandry, Mahanoro, sns... amin'ny faritra Atsinanana iny. Tamin'ny fotoana omaly io no nanambaran'i Dada fa vita teo ny maha-filohan'ny komitin'ny jobily faha-50 taonan'ny fiangonana FJKM azy sy ny faha-200 taona nidiran'ny LMS teto Madagasikara, ifantoka tanteraka amin' ny politika sy ny fifidianana amin'izay aho hoy Dada ary tamin'izany no nanolorany tamin'ny mpanao gazety ireo mpiara-miasa aminy akaiky amin'izay resaka fifidianana izay. Ny talen'ny fampielezan-kevitra dia Charles Ranavela sy Rabenja Tsehenoarisoa ; ny mpandrindra ankapobeny ny fampielezan-kevitra dia Serge Zafimahova ; ny filohan'ny KMMR : Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana dia Constant Raveloson ; ireo ao amin'ny komity mpandrindra dia : Donnat Andriamahefamparany, Jaona Ravaloson, Jimmy Ramiandrisoa, Kolonely Mamihanitra Andriamanana, Aurélien Mamporey, Patrick Ramiaramanana. Ny filohan'ny komity manohana ny fampandrosoana sy ny fahamarinana (CSDE) : kolonely Eugène Claude Josoa. Arak'izany dia miara-dia amin'i Dada N°25 i Serge Zafimahova, olona anisan'ny manana ny maha-izy azy amin'izao fotoana, teknisiana, zanaky ny Repoblika voalohany ary tao amin'ny ankolafy Zafy Albert ihany koa. Tombony



lehibe ho an'ny kandidà laharana faha-25 izao fiarahany amin'ny kandidà Marc Ravalomanana izao. Fa mahakasika an'i Dada ihany, mizotra mankany amin'ny fandresena izy raha ny zava-nitranga teny amin' ny kianjan'ny demokrasia Ambohijatovo ny sabotsy teo no jerena. Feno hipoka tanteraka ity kianja ity, tsy nahasakana ny olona tsy nihaona taminy ny orana nirotsaka. Fanamafisana ny safidy « 25 » sisa ny 7 novambra raha iny nitranga teny Ambohijatovo iny. Vonona hiaraka hanangana, hampandroso, hamerina ny hasin'ny firenena miaraka amin'ny kandida laharana faha 25, Marc Ravalomanana ny vahoaka eto Antananarivo. Noporofoin'izy ireo izany ny sabotsy lasa teo tetsy Ambohijatovo iny, nandritra ny fahatongavany maro nanotrona ny kandida faha-25. Vahoaka resy lahatra amin'ny programan'asa MAP 2 no nameno ny kianjan'ny demokrasia izay feno hipoka. Novelabelarin'ny kandida Marc Ravalomanana nandritra ny fotoana nitenenany io Madagasikara am-perin'asa faharoa io, izay iompanan'ny fandaharan'asany mandritra ny fe-potoana iasany. « Laharam-pahamehana ho ahy ny famerenana amin'ny laoniny ny fandriampahalemana, ny fampianarana ary indrindra indrindra ny fanomezana ny sakafo ho an'ny vahoaka malagasy. Mahantra loatra ny mponina amin'izao. Ny ankizy tsy misakafo ara-dalàna, hany ka tsy misy fitomboana na ara-tsaina na ara-batana », hoy ny kandida laharana faha 25, Marc Ravalomanana. Hita soritra teny amin'ireo vahoaka tonga maro teny Ambohijatovo ny fanantenana. Liana izy ireo nihaino ny lahateny famelabelarana ilay programan'asa izany hany azo antoka fa hitondra ny tena fampandrosoana eto amintsika. Nohararaotin'ny kandida Marc Ravalomanana teto ny nampahafantatra am-pahibemaso ny vahiny manam-pahazaina manokana momba ny tsy fanjarian-tsakafo, izay hiaraka hisalahy aminy amin'ny famahana io olana eto amintsika io. Raha ny tarehimarika dia Madagasikara no firenena faha-4 manana taha ambony indrindra amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Nihazo ny faritra Atsinanana sy Analanjirofo ny kandida faha 25 taorian'ity fihaoanana nafana teny Ambohijatovo ity. Hetsika izay hitohy hatrany mandrapahatongan'ny faradoboka izay ho tontosaina eny Mahamasina ny 3 novambra ho avy izao.

***Isambilo***

### KMMR Boriboritany VI

# Nanao carnaval sy hetsika fametahana afisin'i Dada N°25

Nanao hetsika an-dalambe na carnaval sy fametahana afisy an'ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana, ny KMMR na ny Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana ao amin'ny Boriboritany faha-VI. Nanotrona azy ireo tamin' izany ny depiote Marie Horace Rasoanoromalala. Ankoatra izay opération na hetsika fametahana afisy sy fitsidihana ny isam-baravarana na porte à porte izay, dia nisy ny hetsika



an-dalambe. Nolalovan' izy ireo tamin'izany ny fokontany Anosivavaka, Antanjombe Ambony, Antanjombe Avaratra, Ambohimiadana Nord, izay samy ao amin'ny Boriboritany faha-6 avokoa. Nanakoako ny hiaka: isika tsy miala amin'ny 25, Dada nomerao 25 no hofidiana ny 7 novambra ho avy izao.

***Isambilo***

### Raniry any Mahajanga

# Nofinofy tsy ho tanteraka ny an'i Andry Rajoelina

***Nitondra ny fanehoan-keviny momba ny raharaham-pirenena indray Raniry, mpanakanto sy mpanoratra any Mahajanga.***

Miditra amin'ny herinandro fahatelon'ny fampielezan-kevitra isika ankehitriny. Samy manao izay ho afany ny kandidà tsirairay, indrindra ireo izay hita fa tena manana fahavononana marina tokoa hiatrika izany fifidianana izany. Ny tena mahazendana sy mahavalalanina tanteraka dia ny fahitana ity kandidà iray mbola sahy mampanonofy mitsangana ihany ny vahoaka Malagasy. Mirarakopana ny fampanantenana, toa mampahatsiahy ilay tovolahy be revin-gadra nikôty sipa ka nanao hoe : "Omeko anao ny kintana amambolana, eny amin'ny habakabaka ianao no hampionenako, omeko anao izao tontolo izao sns...", kanefa rehefa nangatahan-dramatoakely glasy vongany iray monja dia tsy nanan-katolotra akory. Raha ny fampanantenan'ity kandidà iray ity angamba no tanteraka tokoa dia tena ho sambatra i Madagasikara. Saingy efa fantatra avokoa anie ny nataony teto e! Maro dia maro ny "fampanantenana" nomeny ny vahoaka Malagasy kanefa firy tamin' ireny no notanterahany soa aman-tsara? Efa fantatra ihany koa ny firenena ao an-damosiny dia Ilay Reny malala izay efa nampitondra faisana ny firenentsika mandrak'ankehitriny. Iza moa no firenena nalokalofan'ny Frantsay ka tafarina sy tafita? Mikorosy fahana sy miady antrano ny ankamaroany. Tena mahatalanjona tanteraka tokoa fa mbola misy ihany ny vahoaka babony sy resiny lahatra. "Fanatisme aveugle" sa efa tena zavatra hafa mihitsy? Fa iza moa iny olona iny? F'angaha moa tsy efa nitondra nandritra ny dimy taona teo iny olona iny? Inona no vitany nandritra ny dimy taona? Ny nisongadina indrindra dia ny trano mijoalajoala any Dubaï sy ao Paris ary ao Maurice sns... ho an'ity mpanongam-panjakana Andry Rajoelina ity, ankoatry ny trano mora sy ny manarapenitra ary ny Coliseum. Niova ho Mesia tampoka teo angaha iny olona iny no mampanantena fahagagana ao anatin'ny fotoana fohy? Atao toy ny any Miami i Mahajanga, omena building mora, lalana migodana manjohy efatra... omena hélicoptère folo i Maevatanàna, atao toerana miavaka indrindra maneran-tany i Ranomafana, atao toeram-pitsangatsanganana miavaka indrindra maneran-tany i Toamasina, atao firenena mandroso indrindra eto Afrika i Madagasikara sy ny sisa tsy voatanisa... Tsy misy zavatra ambanimbany fa tena manaka-danitra avokoa... Vola avy aiza daholo no hanatanterahana an'izany tampotampoka eo? Mba fantany tsara ve ny halalin'ny hantsana mangitsokitsoka mianjady amin'ny vahoaka Malagasy ankehitriny? Toa ny haitraitra ivelany sy ny nofinofy antoandro no mahadodona azy fa tsy ilay tena zava-maharary ny vahoaka Malagasy akory. Mampanonofy paradisa kanefa ny fahantrana aza tsy mbola voadingana akory. Tena valalanina tanteraka ny tena mahita ireo vahoaka mbola misy babony ihany. Mitamberina ao an-tsaina ilay maquette lehibe naderadera sy nampilendalendainy ny vahoakan'i Mahajanga izay napetraka tao amin'ny Hotel de Ville nandritra ny volana maromaro. Tsy hita intsony izay nanjavonan' iny maquette tsara tarehy iny, angamba natahotra ny vavam-bahoaka dia nafenina haingana mba tsy ho hitan'ny olona intsony. Raha nitarika vahoaka hanongampanjakana teny amin'ny kianjan'ny 13 Mey iny olona iny dia tena bobaka tokoa ny fampanantenana nataony tamin'ireo vahoaka nanaraka azy. Raha ny zavatra nolazainy tamin'izany angamba no notanterahany tokoa dia tena efa lasa lavitra i Madagasikara. Atao roa arivo ariary ny litatry ny menaka e! Atao 150 Ar ny kapoakan'ny vary e! Omena asa ny tanora e! Aiza izay orinasa natsangany teto? Ny valiny tsy nisy fa lasa any Dubaï sy Maurice ary Paris izy... Dia asakasak'izay mbola ho revo aminy ihany fa samy mbola hotsarain'ny tantara eto isika mianakavy. Vola an-davitrisa maro izao no atobany mba hanambazany mpifidy. Mbola mihoatra lavitra amin'ny teti-bolan'ny kandidà iray mirotsaka hofidiana ho Filoham-pirenena any USA ny teti-bola ampiasainy eto Madagasikara. Vola avy aiza daholo izany? Mazava ho azy fa avy any amin'ny mpamatsy vola, izay inoana marina tokoa fa tsy maintsy hisy takalony. Inona no ho takalony? Ny tanindrazanao Ramalagasy, ianao vahoaka ihany no hanonitra an'izany fa tsy adala ireo mpamatsy vola azy ka hanobaka vola be fahatany amin'ny tsy misy antony... Toa lasa fisehosehoana ivelany sy fampanofinofisana vahoaka fotsiny ny raharaham-pirenena fa tsy hita izay tena vahaolana mazava amin'ny zava-manahirana sy mahaporitra ny vahoaka Malagasy. Tonga amin'ilay fitenenanana hoe:"Lasanko vavany toa harontabebaka" fotsiny. Mahamaika ny vahoaka Malagasy ve izany lalam-be migodana manjohy efatra izany? Maharaka an'izany ve ny "état"-n'ny fiara amin'ny ankapobeny eto Madagasikara izay tena maro kadraoka ireo? Tsy ny lalana mampitohy sy mampifandray ny renivohitra sy ny ambanivohitra izay itoeran'ny famokarana ve izao no mahamaika? Ny building mora, izany ve no mahamaika? F'angaha efa tery sy tsy azo iriranana toy ny any Japon sy Chine i Madagasikara? Sao sanatria efa voafaritra ho an'ny vahiny i Madagasikara dia asaina mifaneritery amin'ny building mora ny vahoaka Malagasy? Mbola manana tany malalaka sy midadasika tsara i Madagasikara ka ny fitsinjaràna izany tany izany ara-drariny sy araka ny hitsiny no tokony hatao laharam-pahamehana. Tena ialana tsiny indrindra fa mba natao ihany ny tsy hiteny saingy tsy maharitra ny tena manoloana ny zava-doza manambana ny firenena ankehitriny. Atosiky ny fo mitempo fitiavan-tanindrazana e! Ho anao izay azo inoana marina tokoa fa tsy ho babon'ny ronono an-tavy sy ny lainga tsara lahatra no hanoratako ity lahatsoratra ity. Fantatro fa tsy hifidy an-Rajoelina ianao saingy reseo lahatra ireo mpiray vodirindrina aminao mba tsy ho tonga amintsika ny loza sy hatambo. Sarotra anie ny hanala ny karazan'olona tahaka ireny rehefa tonga eo amin'ny fitondrana e! Efa fantantsika sy efa hitantsika ihany ny nataony tamin' ny 2009. Koa samia re mitandrina e! Ny hamisavisana ny ratsy, hono, mba hihavian'ny soa fa ny ahiahy tokoa tsy hihavanana. Aleo misoroka toy izay mitsabo. Ny nenina, hono, tsy eo aloha hananatra fa ao aoriana handatsa.

***Nangonin'Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Propagandy : mitohy ihany na dia misy aza ny tetika hanemorana ny fifidianana

Voasoratra ao anatin'ny Lalàmpanorenan'ny Repoblika IV ny « laïcité de l'Etat" ka samy manana ny fomba andraisany sy ny androritany izany ny politisiana gasy. Raha ny marina dia tsy mirona amin'antokom-pivavahana iray ny fitondrana satria maro izy ireo eto Madagasikara ary samy manorina fiangonana sy manao fotoam-pivavahana malalaka tsy misy sakatsakana. Raha eo amin'izao fihatrehana ny fifidianana izao dia misy mpitondra fivavahana mihitsy nilatsaka kandidà ka tsy azo lazaina izany fa mampifangaro ny raharaham-pivavahana sy ny raharaham-panjakana izy mandritra ny fampielezan-kevitra. Raha ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc, dia nifanindry an-dàlana tamin'ny faran'ny herinandro teo ny sehatra ara-pinoana sy ny fampielezan-kevitra. Ny voalohany dia amin'ny maha filohan'ny Komitin'ny fankalazana ny Jobily faha-50 taonan'ny Fiangonan'i Jesosy Kristy eto Madagasikara (FJKM) sy ny faha-150 taonan'ny nidiran'ny LMS (London Missionary Society) teto Madagasikara azy. Nanatrika ireo hetsika famaranana ny fankalazana izy ka ny Fotoam-pivavahana fangataham-pitahiana ho an'ny Firenena tao amin'ny FJKM Andrainarivo no nanombohana izany ny Zoma 19 Okotobra 2018 hariva. Ny Asabotsy 20 Oktobra maraina dia fitokanana ny Sekoly Theolojika FJKM teny Mandrisoa Ivato izay Tsangambaton'ny Jaobily. Ny Alahady 21 Oktobra 2018 kosa dia Fotoampivavahana tao amin'ny Kianjaben'i Mahamasina. Sady Mpanompon'Andriamanitra no Mpanompon'ny vahoaka Malagasy ny kandidà Ravalomanana Marc ka tsy menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika tokoa araka ny Teny Fanevan'ny Jaobily (2Timoty1: 8a) satria amin'izay fotoana voahomana nanaovana fampielezan-kevitra dia tsy maintsy atomboka amin'ny fotoam-pivavahana izany. Ny Asabotsy 20 Oktobra tolakandro io ihany dia nihaona tamin'ny vahoakan'Antananarivo teo amin'ny Kianjan'Ambohijatovo izy ka tsapa sy hita tamin'izany fa tsy mbola maty ao amponina eto Iarivo ny fitiavana azy. Vahoaka aman'alin-kisa no tonga ka na teo aza ny orana dia niharitra nihaino azy ihany. Misongadina isaky ny fihaonana moa ny fihìràna ny « Hira Faneva » arahin'ny fihetsika mirindra sy ny fiventesana ny teny filamatra « Mpanangana fa tsy Mpandrava Isika » ary ny votoatin'ny kabary dia ny hoe « haverina amin'ny laoniny ny fiainan'ny Malagasy » eo amin'ny sehatra rehetra araka ny teboka folo voarakitra ao amin'ny « MANIFESTO ». Manam-pinoana ny kadidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc, ary narahiny asa izany ka noporofoiny tamin'ny dingana lehibe nampisongadina an'i Madagasikara taty Afrika nandritra ny fito taona nitondrany (2002-2009). Raha ny finiavana sy ny fahavitrihany amin'izao fotoana izao dia mbola hahavita betsaka lavitra noho ny tamin'izany fotoana izany izy ato anatin'ny fotoana fohy. Etsy an-kilany dia samy manohy ny fampielezan-kevitra ireo kandidà 36 mihatrik'ady mba hibata ny fandresena kanefa misy 26 amin'izy ireo nanatrika ny fihaonana tamin'ny CENI ny Zoma 19 Oktobra 2018 alina. Marihana fa tsy tonga nanatrika izany ny governemanta sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàpanorenana. Nandray fanapahan-kevitra anefa ireto kandidà ireto fa hanomana « conférence souveraine » amin'ity herinandro ity. Ny manitikitika ny saina dia manam-pahaizana amin'ny sehatra samy hafa izy ireo kanefa dia tsy mahatsapa fa tsy mitombona araka ny lalàna ary tsy ara-darariny sady tsy marina (non légitime) izany fanapahan-kevitra izany. Rafitra inona na iza amin'ireo andrim-panjakana na fikambanana no hery hanatanteraka (force exécutoire) izay fanapahan-kevitra ho raisina amin'izany fivoriana izany. Tsy azo hitokiana, angamba, ny CENI noho ny resaka lisim-pifidianana ka ho soilona CES. Tsy nahatanteraka ny andraikitra nomena azy koa, angamba, ny governemanta Ntsay satria hanangana governemanta « tetezamita » hiasa mandritra ny telo volana. Na izany na tsy izany dia heverina fa tsy zavatra hafa mihitsy no ao an-tsain'ireto kandidà ireto matoa roa herinandro mialohan'ny fifidianana vao mihetsika toy izao. Na inona na inona mitranga dia mitombo ihany ny fikambanana sy vondron'olona manohana ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc, ka anisan'izany ny SAMARITANA izay nanambara tamin'ny fomba ofisialy fa hampandany azy amin'ny fifidianana ny 7 Novambra 2018, ary manohy ny hetsika ihany koa ny mpanohana azy any amin'ny Faritra.

***Andry Tsiavalona***




FANEMORANA NY FIFIDIANANA

Tsy manaiky ny kandida faha-25

« *Ny mahasoa ny vahoaka 22 tapitrisa sy ny mahasoa ny firenena no tokony tsinjovina. Tsy manaiky ny tetika hanemorana ny fifidianana ny tenako satria izay midika fa dia hiditra indray amin'ny tetezamita izay hamotika ny firenena indray isika* ». Fanehoan-kevitry ny kandida faha 25 Marc Ravalomanana io momba ny resa-be mandeha amin'izao fotoana fa ahemotra ny fifidianana vokatry ny lisi-pifidianana tsy ara-dalana sy feno hosoka. « Raha misy ny fifanarahana politika ka mitaky izany dia tsy hanao sonia ny tenako. Zava-doza ny miandry ny firenena raha misy izany fanemorana fifidianana izay mitarika any amin'ny tetezamita vaovao izany », hoy ny tenany.

Aminy dia tokony ho ny vaomieram-pirenena mahaleo-tena momba ny fifidianana (Ceni) no mitady vahaolana haingana momba io lisitra io tsy misy idiran'ny fihemoran'ny datin'ny 7 novambra ho avy io.

« *Azony atao tsara ary tokony ataon'ny Ceni laharam-pahamehana ny miantso sy mamory ireo firenena mamatsy vola amin'ny fifidianana hanoro-lâlana antsika amin'ny fampadavorariana io lisi-pifidianana io* ».

Manentana ny mpanao politika ireo kandida ny tenany mba hametraka ho ambony ny tombotsoan'ny firenena sy ny vahoaka ao aminy.

## NY TENY FIAINANA

***I Korintiana 13:3***

*Ary na dia omeko hohanin'ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahasoa ahy akory izany.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Asa maharitra no hatolotr'i Dada N°25 fa tsy vonjy tavanandro



**Arp Helisoa :** ny kandida Marc Ravalomanana hampianatra ny olona hanjono mba hoentina miasa mandrakizay fa tsy mety intsony izany omena trondro izany fotsiny. Ohapitenenana io fa misy hisainana tsara hoy Serge Zafimahova mpandrindra ny fampielezankevitry ny kandida Marc Ravalomanana.

**Andry Eric Ravoniharison** : Dada mpanorina fa tsy mpandrava, mpamorona asa fa tsy mpandrava sy mpandoro orinasa toy ny sasany.

**Marie Bernadette Raharisoa :** mila manjono fa tsy hangataka foana, izaay no maha hafa an'i Dada, mpandraharaha mpmorona asa.

**Andrianjakahasina Rasamimanana :** Serge Zafimahova? Tongasoa, ary raisinay ampitiavana be, tombony be ho an'i Dada sy ny mpanohana azy izany.

**Ratata Besiaka :** matotra io rangahy io.atokisako, raha izao 1er tour marina io dia ho vitan'ny Prezidà Marc Ravalomanana.

**Nisa Rajaofera :** miarahaba azy manohana ny 25! Izao no midika fa misokatra amin'ny rehetra koa ny kandidà N°25 Marc Ravalomanana.

**Hajanirina Rabemananjara :** tonga soa Mr Serge ZAFIMAHOVA ! Tokony hanana fijery ohatr'izany avokoa ireo manam-pahaizana tia tanindrazana , fa tsy faly manao kawitry miaraka @ illettrés mba hitohizan'ny bizina sy halatra e !

**Lala Nameny :** ny fomba firesany ny toekarena sy ny sosialy dia itiavako ty namana vaovao ty. Misaotra Dada matoky ny manampahaizana malagasy Serge Zafimahova. Zanaky ny Repoblika voalohany io ary sady mpiara-dia tamin'ny Profesora Zafy Albert.

**Rakoto Tatou :** teknisiana azo hitokisana tsara raha ny namana Serge Zafimahova, lasa izao Dada N°25 a ! 1er tour io dia vita.

## TONONKALO

# Ho an`ireo kandida tsy misy kalitao

Moa `nareo tsy menatra olona ry tsy misy kalitao,
Fa mbola toa tsy mety lavo ilay natao ho fahavalo ?
Ry mpandroba sy mpandrava ka nanao ny tsy fanao ,
Jereo , vao mainka miampy hery fa tsy resy i Dadavalo !

Moa `nareo tsy menatra olona ry tsy misy kalitao
Fa tena hafa , tsy nampoizina ny fizotran`ny tantara ?
Raha izaho no jiolahy mpihetraketraka toy izao ,
Dia miafina aho , misitri-belona , miala tsy handray anjara !

Moa `nareo tsy menatra olona ry tsy misy kalitao
Fa e `ty olo-nofinganina toa misonga hatrany hatrany ?
Tena diso kajy angamba ianao ry hery vaovao ,
Tsy fantatrao tokoa va re fa tena mihodina ny tany ?

Moa `nareo tsy menatra olona ry tsy misy kalitao
Fa sivy taona izao no lasa, toa tsy misy zava-banona ?
Raha izaho ry boaikely no mandray ny toeranao ,
Aleoko ilaozana ny sehatra , tsaratsara ny mijanona !

***DADAN`I ZINA (21-10-18)***




## ELIANA BEZAZA, KANDIDÀ LAHARANA FAHA-14

# Manana vina miavaka sy azo tsapain-tanana iadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana

Mirongatra ary isan'ny mampikaikaika ny vahoaka malagasy na an-drenivohitra na ambanivohitra, amin'izao fotoana ny tsy fandriam-pahalemana amin'ny endriny maro samihafa. Mandry tsy lavo loha ny vahoaka saingy na miandrandra fanantenana amin'ny hamahana ny olana aza dia toa poakaty fotsiny ihany izany satria vahaolana an-kamehana sy tsy maharitra hatrany no mba entina hisorohana azy. Ny ankamaroan'ny kandida dia samy mametraka ho laharam-pahamehan ny fandriam-pahalemana fa tsy manana paikady mazava hanatanterahana izany.

Ny kandidà laharana faha-14, Eliana Bezaza, natolotry ny PSD dia isan'ny manana vina miavaka sy tsy menamitaha ary mato paika sy azo tsapain-tanana arosony entiny hiadiana amin'io tsy fandriam-pahalemana io. Azon'ny rehetra hampiharina io vahaolana io hoy izy satria novolavolaina hanafahana ny vahoaka malagasy ao anatin'izao vesatra izao satria raha tsy mandry fahalemana ny tany tsy misy na inona na inona azo atao.

Efa nentiny tao amin'ny fahitalavitra TVM izy io saingy noho ny fotoana voafetra dia tsy tafavoaka hatramin'ny farany. Maro araka izany ny nangataka ity vahaolana momba ny tsy fandriam-pahalemana aroson'ny kandida Eliana Bezaza ity.

Tamin'ny andron'ny repoblika voalohany, hoy ny kandidà Eliana Bezaza dia nilamina ny tany, na tsy mihidy aza ny trano, tsy miahiahy ny vahoaka satria nandry fahalemana i Madagasikara. Izany dia noho ny KARATRA ISAN-DAHY izay niniana naratsiana fatratra kanefa dia avy tamin'io karatra io no nahafahana nanara-maso sy nandray an-tanana ny zavatra rehetra na ny sehatry ny fitandroana ny filaminana, ny fahasalamana ary ny fampianarana maimaim-poana. Nazava tsara ny adiresin'ny isam-batan'olona tao anatin'io karatra isan-dahy io ary ireo olona any ambanivohitra aza amin'izao fotoana dia ambaran'ny kandidà Eliana Bezaza fa mangataka ny hamerenana azy io mba hananana antoka kokoa.

***Tsy mahavita ny adidiny araka ny tokony ho izy ny mpitondra***! Fantatra fa tamin'ny taona 1993 no nisy fanisàna vahoaka faobe farany teto Madagasikara. Nijanona ho tombatombana ara-matematika fotsiny ihany sisa no nahafahana namaritra ny isan'ny malagasy taorian'izay. Ny mahagaga anefa dia efa mivoatra ny teknolojia saingy tsy vita ny fanisam-bahoaka faobe no sady iandrasana famatsiambola avy any ivelany hatrany. Ny eny anivon'ny fokontany tsirairay ihany anefa dia efa afaka manisa ny olona ao aminy saingy iniana atao tsinontsinona ny eny ifotony mba hahazoana vola avy any ivelany. Toe-tsaina izay tena mamorika vahoaka tanteraka.

Etsy andanin'izay rehetra izay dia ***tsy voataiza araka ny tokony ho izy ny vahoaka***, ratsy ny kalitaon'ny fampianarana, tsy mahazo ny fitsaboana sahaza azy ny isam-batan'olona, tsy mety ary tsy araka ny tokony ho izy ny fomba fitondrana ny vahoaka ary misakafo tsizarizary ny ankamaroan'ny olona hany ka lasa mpangalatra sy dahalo avokoa. Izay no heveriny hahafahany miaina sy miharina amin'ny fiainana.

Inona anefa no mba ataon'ny fitondrana manoloana ny zava-misy ankehitriny? Vao mainka aza manampy trotraka satria vao mainka manjaka tanteraka ny kolikoly. Na ny andry ifaharan'ny fandriam-pahalemana sy anankinana izany aza atao tsinontsinona satria dia hatramin'izao mbola ***2500 Ariary isam-bolana ny karama omena ny miaramila ZAZAVAO***. Na mpiasa farany ambany aza tsy mikarama toy izany kanefa dia 2500 Ariary isam-bolana no hanankinana ny filaminan'ny firenena.

Misy koa ny ***"dotations alimentaires"*** an'ireo zazavao izay 3500 Ariary lany amin'ny kolikolin'ireo be galona sy manam-boninahitra sasany satria ny vahoaka indray no asaina mandoa vola handefasana miaramila sy asaina miantoka vary ho azy ireny.

### Tsotra ny vahaolana ho an'ny antoko PSD:

- ***Tsy maintsy ampidirina ao anatin'ny vondrom-bahoaka hitsinjaram-pahefana ny fokontany***. Mikarama ara-dalana ny sefo fokontany ka adidin'ny isam-pokontany ny manisa mazava tsara ny olona ao aminy.

-Satria tsy manana tetibola manokana ny fandriam-pahalemana, tsy an'asa ny tanora malagasy. ***Azo atao asa mba hihinanan'ny olona ny fandriam-pahalemana***. Tsy avela hirenireny fotsiny ny tanora fa ampiasaina hiady amin'ny tsy fandriam-pahalemana.

-Hiady amin'ny tsy fandriam-pahalemana amin'ny alalan'ny ***fanompoam-pirenena*** ireo tanora zazalahy sy zazavavy 18 taona no miakatra.

-***Ampiharina ny dina*** ka ny zandary no aparitaka isaky ny kaominina hifehy ny dina, hampita ny lalàna ain'ny mpanao fanompoam-pirenena mba tsy hisy ny fihoaram-pefy amin'ny lalàna velona. Ilaina koa ny fampianarana ny fitiavan-tanindrazana ny instruction civique na civisme. Ny polisy hampianatra miady sy mitàna basy. Ny zokiolona hampita ny traikefa izay niainany amin'ireo tanora.

***Omena tambin-karama*** farafahakeliny 1 hetsy Ariary ireo tanora manao fanompoam-pirenena. .

### Aiza ny vola ampiasaina amin'izany?

-***Misy fandaniam-bola tsy amin'antony ao amin'ny minisiteran'ny tafi-bahoaka***. Misy ireo manamboninahitra jeneraly sy kolonely tsy an'asa nefa mahazo karama maherin'ny 2 tapitrisa ariary isam-bolana. Angatahana izy ireny hanetry tena handeha hisotro rononono mba ho afaka ampiasaina ny antsasak'io vola raisiny io. Koa raha heverina ho miisa 1000 mahery izy ireo dia mahazo vola 1 lavitrisa mahery isam-bolana izany ahafahana mandray tanora 1 alina isa.

-***Misy ihany koa ireo mpitandro filaminana izay ampiasaina hiambina olon-tsotra mpanambola isan'andro***. Manodidina ny 3 arivo ny isan'izy ireny izay hakàna vola ambany latabatra 3 alina Ariary isan'andro. Tsy misy miditra amin'ny tokony ho lalany fa any ampaosin'ireo lehibe manome baiko sy maniraka fotsiny ihany. Ahitsy ary avadika ho ambony latabatra ireo vola ireo mba hahafahana mandray zazavao miikarama aradalàna isam-bolana. Hampiasaina araka ny tokony ho izy ny vola handamina ny fiainan'ny vahoaka

-***Foanana ihany koa ny minisiteran'ny tafi-bahoaka na fiarovam-pirenena*** fa atao eo ambany fahefan'ny fiadidiana ny repoblika ny fitantanana izany mba hiadiana amin'ny kolikoly sy akamakama amin'ny fampakarana sy fizarana galona sy grady fotsiny fa mba tena hiasa sy hisy fiantraikany amin'ny vahoaka.

Vahaolana azo tanterahina avy hatrany ireo ary tsy lavitr'ezaka. Azo ampiharina amin'ny alalan'ny fandraisana didim-panjakana fa ny finiavana sisa no mamaritra azy.

Fehiny: **fampidirana miaramila 30000 isa isan-taona omena fiofanana tsara mahakasika ny fanompoam-pirenena ahafantsika mapandry fahalemana ny tany. Amin'ny alalan'ireo vola voatanisa etsy ambony no ahafahana manatanteraka izany. Noho izany, ny tanoratsika ihany dia mahasahana tanteraka ny fandriam-pahalemana fa tsy ny fampidirana fitaovana mahery vaika hamonoana ny vahoaka malagasy.**

### FIAROVANA NY SISIN-TANY SY NY HABAKABAKA

Tamin'ny andron'I Dadabe tsiranana, voaaro tsara satria niarahana tamin'ny frantsay. Nisy ihany koa ny nantsoina hoe guerre froide izay tsy maintsy nandraisana fepetra ka nisafidianan'ny Pdt Tsiranana ny fiarahana tamin'ny frantsay niambenana ny sisin-tany. Tombontsoan'ny malagasy tanteraka tamin'ireny ny fiarahaniasa sy fifanarahana.



Tamin'ireny nanao "courses aux armements" ny firenena rehetra vao nahaleo tena, ka nieritreritra Pdt Tsiranana hoe raha handany vola amin'izany dia aleo manao fifanarahana sy miara-miasa satria lafo dia lafo ny vidin'ny fitaovana. Ny frantsay no nandray an-tanana ny fiarovana ny sisin-tany fa ny tafiika an-tanety nanatanteraka ny service civique izay nanampy ny tantsaha namboly sy niavotra tamin'ny fiainana.

Misy araka izany ny politika iray aroson'ny PSD antsoina hoe ***"préfecture maritime"***

-***Betsaka ny mpanao trafika*** mahatafiditra zavatra eto fa mbola goragora ny fiambenana ny sisin-dranomasina eto.

-***1200000 km² ny fari-dranomasina arovana*** kanefa sambo 5 monja no ampiasaina hiaro izany amin'izao. Etsy Nanisana, Ampandrianomby no ary Ampahibeanefa no misy ny minisitera miandraikitra izany.

-***10 miliara dolara isan-taona ny vola very noho ny goragoran'ny ranomasina***. Goragora satria betsaka ny zavatra tsy fantatry ny rehetra any amin'ny ranomasina any. Manao varotr'adala ihany koa amin'ny harena an-dranomasina fa tsy atao araka ny tokony ho izy. Hofoanana ny varotra gaboraraka satria ilaina ireo vola very fotsiny ireo.

-Ny tantsambo sivily sy miaramila sy ny fadintseranana malagasy ary ny tafika malagasy no hiara-hisalahy amin'ny fiarovana sy fanarahamaso ny harem-pirenena.

-Hapetraka ny "***Protection de ressources naturelles***" sy "***surveillance des frontières***" isaky ny renivohim-paritany amin'ny sisin-tany no asiana ireo, izay no fanatanterahana ny fitsinjaram-pahefana voalohany indrindra. Afindra amin'ireo préfécture maritimes ireo ny fahefana tazonin'ny minisitera eto afovoan-tany.

-Hisy ny « ***lutte contre le terrorisme et la piraterie »***

Tsy maintsy hisy ny fiaraha-miasa amin'ny vahiny, satria tsy mahavita tena irery. Saingy mialohan'izay rehetra izay dia isika aloha no mijery sy mamaritra izay tena zava-misy eto amintsika.

***Ny Valosoa***

## Romana 6: 4

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 78), 21 oktobra 2018

***Romana 6: 4 Koa niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao.***

Koa satria nalevina ny ota ka tsy tokony ho hita eo amin'ny fiainanao intsony, efa maty. Ny fananganana anareo avy ao anaty rano dia midika fa manomboka eo dia mandeha amin'ny fiainana vaovao. JESOSY maty dia nitsangana tamin'ny maty ary niakatra aty amin'ny toerana nialany. JAONA nalevina 3 andro tao anaty rano ary rehefa nitsangana dia teo aminareo teo amin'ny tany ihany namita ny asany. Ianareo indray nalevina segondra vitsy ka maty ny ota ary natsangana avy ao anaty rano mba hanomboka handeha amin'ny fiainam-baovao. Tsy toy ny teo aloha intsony fa olombaovao. Amin'ny voninahitro no handehananareo sy hiainanareo. Andininy 5 : ny Batisan'ny Rano nataonareo dia fampiaraisana anareo amin'ny fahafatesan'i JESOSY amin'ny lafiny rehetra, eny hatramin'ny fiverenany mihitsy. Izany hoe : rehefa vita Batisan'ny rano ianareo ka mitandrina tsara izay lazaina aminareo dia manana FANANTENANA ny amin'ny farany. Ny fahavitana Batisan'ny Rano no mihazona ireo Batisa roa teo aloha sy iankinan'ireo Batisa roa ao aoriana dia ny Batisan'ny Fanahy Masina sy ny Batisan'ny AFO. Gaga AHO JEHOVAH ankehitriny fa ianareo raha mahita olona mandalo fibebahana tena fibebahana ka navelan" i JESOSY ny helony ary indro izy fa mitory Filazantsara, mitaona ny hafa, afaka tamin'ny fatotra sy toetra ratsy, niova tonga olombaovao; ny zava-nisy? Ihomehezanareo izany olona izany satria tsy fantatrareo ny FAHAMARINANA. Andininy 6: Aza hadino fa ireo toetra ratsinareo rehetra anie dia efa nohomboana niaraka tamin'i JESOSY avokoa e mba tsy hanotanareo intsony sy tsy hanompoana izany intsony. Andininy 7: izay efa maty dia afaka amin'ny ota. Izany hoe : izay efa nibebaka sy voavela heloka, izay efa vita Batisan'ny Rano dia atao hoe "***efa maty, tsy manota intsony fa efa afaka, efa nalevina***". Ny rano no oharina tahaka ny fasana nandevenana ary ny ota no nalevina fa ianao kosa natsangana avy ao mba hanomboka fiainam-baovao ary miaina amin'ny voninahitro JEHOVAH ianao. ***Romana 6: 8***. Maneke ary fa miara-maty amin'i JESOSY ianareo ary ny fitsanganany amin'ny maty dia midika fa tsy maty instony IZY fa velona mandrakizay ary tsy tokony hisy ota intsony izay manompo sy manaraka tao amin'izay notakiana. Aza velomina intsony ny ota fa efa maty. Ny ota no maty fa ianao kosa velona. Indray mandeha ihany no fahafoizana ny ota ary dia velona ho AHY JEHOVAH izany olona izany, ho an'i JESOSY, ary tsy manjaka eo aminy intsony ny ota. ***Romana 6: 13- 14*** *"ary aza manolotra ny momba ny tenanareo ho amin'ny ota ho fiadian'ny tsi-fahamarinana; fa atolory ny tenanareo ho an'Andriamanitra, toy ny efa maty nefa velona, ary ny momba ny tenanareo ho fiadian'ny fahamarinana ho an'Andriamanitra. Fa ny ota tsy hanan-kery aminareo; fa tsy mba ambanin'ny lalàna ianareo, fa ambanin'ny fahasoavana*."Mba fantatrareo ve fa JESOSY dia nanafatra ny mpianatra mba hitandrina ny fampianarana mikasika ny FANAHY MASINA sy ny AFO? Fa IZY tsy maintsy hiala ary hampakarina aty ambony indray. Nandritra ny 40 andro nisehoany no nampianarany izany. Miankina betsaka amin'izany ny FANJAKAKO JEHOVAH, ny fahatongavan'izany, ny fisehoany, ny heriny, ny voninahiny, ny fanapahana entin'izany Fanjakana izany. Naseho teo aminareo i JESOSY, MPANJAKAN'ILAY FANJAKANA mba ho fantatra fa IZY no IZY. Rehefa niakatra IZY dia anjaranareo indray no manambara AZY sy manangana izany FANJAKAKO JEHOVAH izany. Ny hafatra napetrak'i JESOSY no mahatafatsangana izany FANJAKAKO izany. Tsy ny rehetra no hanao izany fa ireo mankato sy manaraka ny **BAIKO** rehetra, dia ireo izay mahavita ny dingan'ny Batisa. Hataon'izay tsy mahalala ny zava-miafin'ny Lanitra ahoana no hanangana izany Fanjakana Masina izany? Tsy hainy izany. ***Asan'ny Apostoly 1: 2-3***. JESOSY rehefa tonga teo aminareo dia niaraka taminy izany Fanjakana izany ary rehefa niakatra IZY dia namepetra ny mpianatra mba tsy hanaonao foana, hisehoseho foana. Niaraka tamin'ny TENY FIKASANA JESOSY ary namepetra io TENY FIKASANA io IZY mba ho tanterahinareo izay mino AZY. Ilay FANJAKAKO JEHOVAH io TENY FIKASANA io. ***Asan'ny Apostoly 1: 4*** *"Ary raha niara-niangona teo aminy Jesosy, dia namepetra azy tsy hiala an'i Jerosalema, fa hiandry ny teny fikasan'ny Ray, izay efa renareo tamiko, hoy Izy"*. Ny atao hoe : JEROSALEMA dia ianao izany. JESOSY mihitsy no namepetra hoe : aza miainga ianao, aza miala, aza miasa raha tsy miandry ny TENY FIKASAKO. Inona moa izany??? Izany dia **FAHAFENOANA** eo aminao dia ireo **Batisa dimy** ireo. Hoy IZY, ***Asan'ny Apostoly 1: 5*** : fa JAONA nanao Batisa tamin'ny rano fa IZAHO kosa no hanao Batisa anareo amin'ny FANAHY MASINA rehefa afaka andro vitsivitsy. Taitra ny olona ka velom-panontaniana, ahoana izany? Inona izany? hafahafa izany. Nanontany an'i JESOSY izay teo : JESOSY ô amin'izao va no hampodiana ny FANJAKANA ho amin'ny Israely? Tsia hoy JESOSY tamin'izy ireo, ***Asan'ny Apostoly 1: 7*** .Tsy ho fantatrareo na ho rahoviana na ny andro na ny ora na ny fotoana izay efa notendren'i JEHOVAH Ray ny amin'izany hery sy fahefana izany. Ry mpamaky sy mpihaino malalan'i JESOSY, nihevitra ny mpianatra fa tamin'izany fotoana izany no hitsanganan'ilay FANJAKANA. TSIA! Fanambarana sy fiomanana ihany ny tamin'izany ary fihazonana fa amin'izao andro farany izao no ananganantsika azy miaraka. Hoy JESOSY : ZAVA- MIAFINA ny amin'izany, TENY FIKASANA, ASAN'NY FANAHY koa. Fifandraisan'ny LANITRA sy ny TANY no hahatanteraka izany. ***Asan'ny Apostoly 1: 8*** *"Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany"*. Hery inona? Fanahy Masina milatsaka. Ahoana? Vavolombelona aiza? Rehefa vitan'i JESOSY ny FAMPIANARANA dia nakarina IZY. Batisan'ny Fanahy Masina?

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy.

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny fanokanana ny tsangambaton'ny Jobily faha 50 taona ny FJKM sy ny faha 200 taona nidiran'ny LMS teto Madagasikara ny sabotsy teo teny Ivato.**





**Nangoro-vitsika teny Ambohijatovo ny sabotsy teo niaraka tamin'ny kandida N°25, Marc Ravalomanana.**






BORIBORITANY V (CUA)

## Fanadiovana teny Tsarahonenana - Anjanahary- Amboditsiry- Andranobevava

Mitohy hatrany ny asa fanadiovana sy fisokirana ireo tatatra ataon'ny Boriboritany V Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ho fisorohana ny fiakaran'ny rano sy ho fitandrona ny fahadiovana, amin'izao ankatoky ny fotoam-pahavaratra izao. Nanao izany asa fanadiovana sy fisokirana tatatra izany ny teny Tsarahonenana, Anjanahary, Amboditsiry, Andranobevava. Ireo faritra ireo izay anisan'ny faritra iva toerana ao amin'ity Boriboritany ity, ka tsy maintsy hanaovana fanadiovana faobe hatrany ho fisorohana ny fiakaran'ny rano. Araka ny toro-mariky ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, volana vitsivitsy mialoha ny fotoam-pahavaratra dia efa miomana amin'ny fiatrehana izany ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo.

***Aly***



*Ny fanadiovana teny amin'ny Boriboritany V.*

Tontolo iainana

## Hotsaraina any Toliara anio ireo mpandraharaha sokatra antsokosoko

Hotsaraina anio, any amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany any Toliara ny raharaha momba ireo mpandraharaha sokatra antsokosoko, na mpanondrana antsokosoko sokatra, tratra tany Toliara ny 9 aprily lasa teo. Sokatra mahatratra 10 000 mahery no sarona tany amin'ireo olondratsy ireo tamin'io fotoana io, ka nitanana azy ireo vonjy maika amponja, ary izao ho tanterahana anio izao ny fitsarana azy ireo. Ireo fikambanana mpiaro ny tontolo iainana: biby sy zava-maniry tsy misy hafa-tsy eto Madagasikara dia ny WWF (World Wildlife Fund), ny Durrell, ny Turtle Survival Alliance (TSA), noho izao fandringanana ny harem-pirenena arovana izao dia miangavy amin'ireo tompon'andraikitra tsy hamela ho vitavita foana izao raharaha izao, fa hanafay faran'izay mafy ireo mpanondrana antsokosoko sokatra : harem-pirenena arovana izao.

***Aly***



*Sokatra, anisan'ny lasibatry ny fanondranana antsokosoko.*


Rotary Club International

## Hanololotra hetsika ara-pahasalamana maimaim-poana amin'ny fiandohan'ny taona 2019

Tonga nitsidika ara-pomba fanajana ny mpitantana teto anivon'ny faritra vakinakaratra ny delegasiona ny Rotary club international izay notarihan'i Madame Shelly Oukabay Governora distrika 9220. Nandray azy ireo ny lehiben'ny faritra Vakinankaratra ny Jeneraly Rakotonarivo William sy ny talen'ny kabinetra ny Faritra Andrianjafimiarantsoa Ramarijaona. Tapaka nandritra izany fitsidiana izany fa hisy ny hetsika ara-pasalamana izay ho karakarain'ny Rotary Club International ka nosafidina manokana ny Faritra Vakinankaratra. Handefa manam-pahaizana manokana momba ny fahasalamana izy ireo hanadiady sy hijery ifotony ny hopitaly eto antsirabe. Ao aorian'izay dia hisy fitsaboana maimaim-poana ireo marary eny anivon'ireo hopitaly, ka anjaran'ny faritra sy ny kaominina Antsirabe no mampahafantatra ny olona fa hisy ny fitsaboana maimaim-poana omena ireo olona izay marary eny amin'ny hopitaly. Mandritra ny 10 andro no hanatanterahana izany ka ireo mpitsabo avy amin'ny Rotary Club International ihany no misahana ny fitsaboana, Hiara-dalana amin'io hetsika io dia ho tonga hitsidika ny Faritra ihany koa ny "Président International" ny Rotary Club PRI Barry Rassin. Tsara ny manamarika fa ny faha-26 febroary 2019 ka hataramin'ny 06 martsa 2019 no hanaovana ity hetsika ity ary maimaim-poana avokoa ny fizahana sy ny fitsaboana ireo aretina rehetra. Ny fikambanana Rotary club dia miaro sy miady amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana ka nisy ihany koa ny fametrahana ny vato fehizoro ho mariky ny fiarovana izany sy fitsidihana ny tanin-janakazo ny Faritra.

***Lezama***

SARIITATRA: Lotery 6/36, 25 no izy




Tranga mampalahelo

## Zazakely 3 taona maty voahitsaky ny fiara

Tratry ny tsy nampoizina ny fianakaviana iray. Raha sendra nilalao teo amin'ny tokontanin'ny resto chez Marcelline Faradofay ireto kolonga; niangaviana niala ny toerana ity fiarakodia Land Cruiser ana fianakaviambe iraisam-pirenena "plaque verte". Sendra nanao dia mianoatra ilay fiara avy hatrany ilay zaza kely no voahitsak'ilay fiarakodia 4×4 tamin'ny lohabeny ka potika tsy nisy noraisina. Nijininika ny lio, maty tsy tra-drano ilay zaza. Saika Raikitra ny fitsaram-bahoaka, mailo ny mpitandro filaminana nanelanelana ka nentina tany amin'ny cellule ilay tovolahy ary ny fiara kosa nampidirina toeram-pihibohona na fourrière. Ranomaso havozona ny an'ilay niteraka, nigogogogo sy nitomany vokatry ny tsy fitandreman'ilay mpamily. Marihina fa tato anatin'ny herinandro iray izao tany Fort Dauphin, lozam-pifamoivoizana 3 no nitranga. Ny mitandrina ihany no vahaolana.

***Mangarahara***

Tranga mampalahelo

## Zanaka mpanakanto maty nihantona tamin'ny tamboho

Niharan-boina ny mpanankanto Mami Bastà ao Antsirabe satria maty tamin'ny fomba hafahafa ity tovolahy zanany ity. Raha ny fanazavana nentin'ity mpanankato ity tamin'ny mpanao gazety dia ny marainan'ny alahady 21 Oktobra no nahitana ny zanany nihantona tamin'ny fehikibo sy tady tao antokotaniny ihany. Tovolahy vao 23 taona monja ity maty ity, ary zanany faralahy raha ny fantatra. Raha ny fanazavana ihany dia vao nivoaka ho injeniera ity tovolahy ity no ary tafiditra tamina sekoly ambony iray eto Antsirabe ity izay manofana mpianatra no sady miasa. Ny sabotsy hariva dia tsy nisy nanam-po inona ny fianakaviana satria mbola niresaka tsara izy mianaka fa mahafinaritra azy hono ilay sady mianatra no miasa satria misy tetikasa hiarahan'ilay Oniverisité Iscam sy ny orinasa Cotona, ka sady mianatra no miasa ny mpianatra ka isan'ny tafiditra tao ity tovolahy ity. Tokony ho tamin'ny 11 ora alina tany ho any, taorian'ny vavaka hariva fanaon'ny fianakaviana, dia samy namonjy ny efitranony ny rehetra. Ny marainan'ny alahady anefa, raha handeha hamonjy vavaka maraina ny reniny, no nahita azy io mihantona teo antokontany tamin'ny tambohon'ny tranon'izy ireo io. Rehefa nojerena, dia mbola nisy aina ihany izy ary nentina haingana namonjy toeram-pitsaboana, saingy tsy tana moa ny ainy. Fehikibony ihany no nifatotra tamin'ny tendany, ary nisy toaka tamin'ny tavoahangy teo an-tongony teo. Nambaran'ny fianakaviana nefa moa fa tsy dia tia misotrosotro ity tovolahy ity hatramin'izay izy io ary tena halany aza izany. Ny nahagaga ihany koa nefa dia tsy avo loatra ilay tamboho nifatorany na namatorana azy, ary na ny tongony aza dia mitehina tsara tamin'ny tany. Mipetraka araka izany ny ahiahin'ny maro fa sao dia efa novonoina tany ivelany izy no mody nentina sy nafatotra teo an-tokotaniny satria na izy aza dia mbola akanjo fitondra matory no nanaovany, nahitana azy ary tsy nisy kapa teny amin'ny fa nisy nametraka lavitry ny toerana nahitana azy io kapany io. Namamafy ihany koa ny rainy fa izy no nanidy farany ny vavahady ary tena nihidy izany, saingy io maraina nisehoan'ny loza io, dia efa tsy teo intsony ny cadenas nanidy io vavahady io. Eo ampanaovana fanadihadiana moa ny mpitandro filaminana amin'izao fotoana.

***Solohery***

Tranga mampivarahontsana

## Tovolahy 30 taona nanatsatoka lefona renim-pianakaviana 66 taona

Tranga mampalahelo sy mampivarahontsana indray no nitranga tany Amboanato Fort-Dauphin ny herinandro lasa teo. Tranga nampalahelo satria, noho ny lonilony nisy teo amin'ny tovolahy iray, dia notsatohan'ity tovolahy sahabo 30 taona ity tamin'ny lefona ny renim-pianakaviana sahabo ho 66 taona. Notsatohany lefona ny tendan'ilay ramatoa, maty tsy tra-drano ity farany. Marihina fa vao avy namono an'ilay renim-pianakaviana ilay tovolahy, nanolotena avy hatrany tany tamin'ny mpitandro filaminana.

***Mangarahara***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**20/10/18 hatramin'ny 27/10/18**

- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely (près ex cinema Rex) 020 22 547 49
- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC en face Microcred) 020 22 670 70/034 02 670 70/ 032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/ 032 11 248 05

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 830-10-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FER VAKINANKARATRA

# Lalana 125 km hasiam-panamboarana

Taorian'ny fandinihina ireo atontantaratasy maro nalefan'ireo kominina mikasika ny fahazoana ny FER "Fond d'Entretien Routier", na ny tahirimbola ho an'ny fikojakojana ny lalana dia kaominina 11 no nahatomombana antsakany sy andavany ny atonta-taratasy rehetra taty Vakinankaratra. Natao arak' izany ny fanaovanantsonia fifanekem-piaraha-miasa eo amin'ny Kaominina tompon'ny asa sy ireo mpandraharaha nahazo ny tolo-barotra. Nitarika izao fampihaonana izao tao amin' ny efitrano fivorian'ny Faritra Vakinankaratra Ny lehiben'ny kabinetran'ny Lehiben'ny Faritra Atoa Ramarijaona Andrianjafimiarantsoa sy ny tale miadidy ny fampandrosoana Rakotoarivelo Rivo herindray ary ny talem-paritry ny asa vaventy aty Vakinankaratra Rakotomalala Armand. Araka ny voalaza etsy ambony dia 11 ireo "Kaomininas" ahazo ny ampahany voalohany amin'ny tahirim-bola FER : isan'ireny ny kaominina Vinany, Fidirana ao amin'ny Distrikan'I Mandoto, Ambano sy Ambatomena, ao amin' ny Distrikan'Antsirabe faharoa, Alakamisy Anativato ao amin'ny Distrikan'i Betafo, Antanamalaza sy Manjakatompo ao amin'ny Distrikan'Ambatolampy ary Ambohimandroso sy Ambohitompoina kosa ao amin' ny Distrikan'Antanifotsy. Nahazo anjara tamin' izao FER izao ihany koa ny kaominina Ambonivohitra Antsirabel. Afaka hiatrehana ny faharatsian'ny lalana amin'izao vanim-potoana hialoavan'ny fahavaratra izao ity FER ity ho an'ireo Kaominina mpahazo tombotsoa ireo. Velompisaorana ny fitondrampanjakana arak'izany ireo Ben'ny Tanana. Ny lalana dia lalan-dra mamelona ny mamahana ny kaominina, manamora ny fitaterana vokatra ary manatsara ny fidiram-bolan'ny kaominina ihany koa satria rehefa tsara ny lalana dia mitombo ireo fiara misehatra amin'ny fandraharahana eny amin'ny tontolo ambanivohitra. Mahatratra 125 km eo ho eo ny halavan'ny lalana asiam-panamboarana amin'ireo kaominina 11 ireo. Mitentina 100 tapitrisa ariary kosa ny vola natokana ho an'ireo lalana hita fa tena simba tanteraka. Ny sampandraharaha misahana ny lafiny ara-tekinika eny amin'ireo kaominina ireo no hisahana ny tolotr'asa sy ny fanaraha-maso ny fizotrin'ny asa, ny avy eo anivon'ny DRTP foibemparitry ny asa vaventy kosa no manao tantsoroka teknika. Tsy hisy arak'izany ny andraso andraso fa hiatomboka ny asa eny amin'ireo kaominina. Tsiahivina ihany fa andiany voalohany ihany ireto fa mbola ahazo ny anjarany kosa ny ambiny rehefa mahatomombana ireo takian' ny fitondram-panjakana.

***Lezama***

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

ORTANA

# Manomana randonnée any Andriamamovoka indray

Randonnée na fizahantany laroina fanatanjahantena any Andriamamovoka any amin'ny faritra Alaotra Mangoro iny indray, no homanin'ny Ortana na ny Ofisim-Paritry ny Fizahantany amin'ny faritra Analamanga ny 27 oktobra ho avy izao. Ny fiaingana amin'ity hetsika ity any amin'ny 80 km atsinanan'Antananarivo, any amin'ny tanànan'Anjiro distrikan'i Moramanga. Mahaliana any an-toerana, ankoatra ny foto-drafitrasa vita tamin'ny andron'ny fanjanahantany dia ny harena voajanahary sy ny kolontsaina mampiavaka izany faritra izany. Noho izany, ankoatra ny fanatanjahantena: dia an-tongotra hataon'ireo mpandray anjara, dia hahita zavatra maro izy ireo any amin'ity faritra Andriamamovoka any Anjiro faritra Alaotra Mangoro, anisan'izany ny riandrano maha-Andriamamovoka an'Andriamamovoka.


***Aly***



## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

N° 257




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0256)

***Mitsivalana***
- Faritra
- Orana – IV
- Aty – Faly
- RN – Valy
- Aato – Iva
- Kaloy (Miv)
- Antalaha

***Mitsangana***
- Foara
- Niantra (Miv)
- Ray – Tot(o)
- In – Vola
- Tafa – La (Miv)
- Alika
- Vilia (Miv)
- Vy – Asa

## TENY MIFANARAKA N° 257




**Mitsivalana**

**1.** Fenomanana **2.** Sahala – Isa romana **3.** Fivoahana sy fidirana **4.** Simba (Miv) – Ranjanana (BR) **5.** Lioka tsy misy fiandohany – Heloka **6.** Zava-maniry **7.** Zanak'i Dada – Voankazo **8.** Eny, eka – Araka ny voalaza **9.** Maitso, fotsy, mena (Miv) – Vovoka **10.** Faritany

**Mitsangana**

**A.** Toaka – Elabe sy maharitra **B.** Vokatra samihafa – Kianteny **D.** Foto-tenin'ny manatrika – Fia **E.** Legioma – Tsirinteny Mpanao (Miv) **F.** Soly (Miv) – Iray **G.** Zava-maneno **H.** Aviavy (Miv) – Asa – Solfa **I.** Nahafantatra (Miv) **J.** Hery sy tanjaka – Toetra ratsy **K.** Ampela – Kamban-telo

### Valiny Teny mifanaraka 0256

***Mitsivalana***

1 Fararano 2. Aloka - TV 3. Nahita - Soa 4. Akanjoka 5. Reraka - Rà 6. (H)ira - Anatra (Miv) 7. Ha - Matoa (Miv) 8. Nianatra 9. Ar - Io - Nao 10. Ohabolana

***Mitsangana***

A. Fandriana B. Re (Miv) - Ory (Miv) D. Raharaha E. Alika - Aina (Miv) F. Rataka - Boa (Miv) G. Taranaka (Miv) H. Na - Tor(o) I. Soratana J. Tokana - An K. Ovao - Amboa

# "Andeha isika hiady amin'ny fahantrana lalina"

### Fanehoan'i Marc Ravalomanana ny tetik'asany raha lany filoha izy




Anisan'ny laharam-pahamen'ny Filoha teo aloha sady kandida faha 25, Marc Ravalomanana, raha voafidy ho Filoha izy amin'ny faha 7 Novambra ny fanafoanana ny fahantràna eto Madagasikara. 92% ny vahoaka miaina ambanin'ny 2 dolara isan'andro.

" Tsy maintsy ho foanantsika ny fahantrana lalina mahazo ny firenena. 80% ny mponina no mandry fotsy. Tsy mendrika amin'ny maha-olombelona izany ary manaratsy ny zo maha-olona ny olom-pirenena. "

Izay no mahatonga ahy hilatsaka indray mba hamongorantsika izany toe-javatra izany ary hamerina indray ny hasina maha-olona " hoy Marc Ravalomanana.

Nanome toky izy fa handray fepetra haingana hanafoanana ny fahantrana ao anatin'ny 100 andro voalohany ahatongavany eo amin'ny fitondràna. Sarotra no sady mafy izany fanamby izany ary mila drafitra maty paika. Anisan'izany ny fanjarian-tsakafo sy ny fandriam-pahalemana amin'ny alàlan'ny fampijanonana ny halatr'omby, ary ny fampitomboana ny vary sy ny famokarana ny vokatra hafa; ary koa ny famoronana asa; fampitomboana ny foto-drafitr'asa, fampianarana, ary koa ny famatsiam-bola mivantana avy any ivelany ary, mazava ho azy, ny fanampiana iraisam-pirenena raha tsy hilaza afa-tsy izay vitsivitsy izay aho, hoy Marc Ravalomanana

" Soa ihany fa efa vitantsika izany teo aloha. Ary efa nisy fandrosoana azo tsapain-tanana ary tratra ny tanjona tao anatin'ny asa fampandrosoana an'ny Nations Unies niaraka tamin'ny " Madagascar Action Plan (MAP) ", izay noravan'ny fanongananam-panjakana tamin'ny 2009. Vao nitranga izany dia nidina teo amin'ny 7% ka hatramin'ny 2% ny harikarem-pirenena izay mbola tsy voaharina tanteraka.

Na dia tsy mora aza izany dia afaka ataontsika indray. Manana tetik'asa mivaingana ho amin'izany Marc Ravalomanana izay ho tanterahiny raha vao tonga eo amin'ny fitondrana isika ary tena azo antoka, fa ho vita ao anatin'ilay 100 andro voalohany. Ireo tetik'asa ireo dia ilaina ny fiaraha-miasan'ny Malagasy tia tanindrazana rehetra. Tsy maintsy miray hina isika hiadiana amin'ny fahantrana.

" Tena efa resy lahatra izahay fa ny governemanta dia tsy hiasa afa-tsy ho amin'ny fanasoavana ny vahoaka Malagasy. Hanompony vahoaka no ahatongavantsika eo amin'ny fitondràna ", hoy ny kandida faha 25.




# Tsy marim-pototra ny fanakianana atao mahakasika ny fampiasana ny angidimby hoy Ravalomanana

### Fomba iray ahafahana manao fampielezan-kevitra amin'ny tany midadasika toa an'i Madagasikara

Tsy marim-pototra no sady tsy rariny ny fanakianana atao amin'ny kandidà ho amin'ny fifidianana filoham-pirenena, mahakasika ny fampiasana angidimby mandritra ny fampielezan-kevitra, raha ny nambaran'i Filoha teo aloha Marc Ravalomanana, kandida 25.

Toa an'ireo kandida hafa, dia mampiasa, arak'izay tratra, ny angidimby hanaovana fampielezan-kevitra, Marc Ravalomanana.

Indrisy fa na lafo be aza ny fampiasana azy ireny ary tsy maintsy afarana avy any ivelany dia tsy misy fomba hafa azo atao afa-tsy ny fampiasàna ny angidimby.

" Midadasika i Madagasikara. Mahatratra 587.000 kilometatra tora-droa ary nosy lehibe faha-efatra maneran-tany 1.600 km ny halavany ary 579 km ny sakany. Mitovy habe amin'i Lafrantsa ary lehibe kokoa noho Espaina, Suede ary Alemana ary koa United Kindgom sy Scotland. Ary tsy manana karàzana làlana tahaka an'ireo firenena mandroso ireo isika".




Ankoatran'izany, ny lalam-pifidianantsika dia mametra ho fotoana fohy na 30 andro hanaovana fampielezan-kevitra. Tsy ho vitan'ny kandida iray mihitsy ny hanao fampielezan-kevitra sy famoriam-bahoaka amin'ireo mpifidy 10 tapitrisa eo raha tsy amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovam-pitaterana moderna sahala amin'ny angidimby. Haingana no sady mahomby mantsy izy ireny ka ahafantsika mivezivezy haingana ary hahatrarantsika ny toerana tena lavitr'andriana, ka ahafantsika manakaiky kokoa ireo mpifidy any ambanivohitra izay tsy tratra raha tsy amin'ny fampielezan-kevitra, hoy ihany izy.




Lafo tokoa izy ireny kanefa tena ilaina. Ka tsy rariny ny fanakianana ataon'ny sasany milaza fa mariky ny fiavonavonana, na fiheveran-tena ho ambony na tsy fanajana ny mpifidy ny fampiasana azy ireny. Kanefa mifanohitra amin'izany aza satria, ireny no fitaovana tsotra ahafahantsika manakaiky ny mpifidy araka izay tratra.

